# Ilay Voa Tsara Nafafy 03 Septambra 2018

**3** **Alatsinainy** septambra

**Mahereza ao amin'ny Tompo sy amin'ny herin'ny faherezany. Tafio avokoa ny fiadian'Andriamanitra, mba hahazoanareo hifahatra amin'ny fanangolen'ny devoly.** Efesiana 6. 10, 11

## Ny ady atrehin'ny kristiana (1) : ny fiadiany

*Tsara vakiana : Efesiana 6. 10-20*

Eto amin'izao tontolo izao dia an-tanin'ny fahavalo ny kristiana, satria i Satana no manjaka eto. Tokony ho vonona ny kristiana hiatrika ny „fanahy ratsy eny amin'ny rivotra", izay miseho mandrakariva eo amin'ny fiainany andavanandro.

Indreto, fihetsika telo, hahafahany mandresy :

— 1. Manovo hery „ao amin'ny Tompo", satria Izy no efa naharesy ny hery rehetra ananan'ilay ratsy ary manana ny hery hiarovana antsika. Tokony „hifahatra" isika, amin' izay rehetra fantatsika fa tsara araka an'Andriamanitra.

— 2. Mitafy „ny fiadian'Andriamanitra" rehetra. Mila ireo fitaovana enina amin'izany fiadiana izany ny mpino, mba hahery saina amam-panahy mandrakariva. Ireo fitaovana enina ireo dia mifandraika amina toetra ara-panahy enina : – saina miorina amin'ny fahamarinana ara-Baiboly (fehikibo), – manao ny rariny eo amin'ny fiainana andavanandro, mahitsy sy marina (fiarovan-tratra), – tsara fihavanana amin'ny manodidina, mba ho vonona hanambara ny Filazantsara (kiraro), – mino an'Andriamanitra, Izay ambonin'ny zava-drehetra sady tia antsika (ampinga), – mahafantatra fa efa namonjy antsika Jesosy ary hanafaka antsika (fiarovan-doha), – mahalala ny Tenin'Andriamanitra, mba ho afaka manonona izany, hanoherana ny ratsy (sabatra).

— 3. Miombona amin'ny Tompo, amin'ny alalan'ny vavaka, satria Izy no manohana antsika ao anatin'ny ady. Ny vavaka dia fitaovana fahafito ; tokony harisika mampiasa azy isika : hivavaka „mandrakariva ... amin'ny fivavahana rehetra sy ny fangatahana". Hivavaka „ao amin'ny Fanahy" isika, mba hahay hamantatra ny sitrapon'ny Tompo. Ary farany, haharitra : „mivavaka mandrakariva ... ka tsy reraka" (Lioka 18. 1).

*(amin'ny heriny ny tohiny)*